# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Aogositra 2018

**25** **Asabotsy** aogositra

**Fa aiza no hahamarina ny zanak'olombelona, eo anatrehan'Andriamanitra ? Raha te hifandahatra aminy izy, dia tsy mahavaly teny Azy, na dia iray amin'ny arivo aza. Hendry am-po Izy sady matanjaka amin'ny hery ; iza no nikiry nanohitra Azy ka tsy naninona ?**
Joba 9. 2-4

## Marina eo anatrehan'Andriamanitra

Ny ankamaroantsika dia resy lahatra fa olona „tsara". Sa tsy izany ? Fa na izany na tsy izany, rehefa mampitaha ny tenako amin'ny hafa aho, dia mahita hatrany fa misy olona ratsy kokoa noho izaho !

Nefa ny fanontaniana fototra, ny fanontaniana voalohany ilaintsika tsirairay valiana, dia ny hoe : „Ary Izy Andriamanitra, mba ahoana ny heviny momba izany ?" Marina fa afaka mandresy lahatra ny tenako aho hoe tsy misy Izy, afaka mihevitra fa tsy hanan-draharaha aminy na oviana na oviana. Saingy azoko antoka ve izany ? Ary raha tsy maintsy hihaona amin'Andriamanitra moa aho, ahoana ny fomba hahafahany manaiky ahy ? Hitako ao amin'ny Baiboly mantsy, fa meloka tokoa aho eo anatrehan'Andriamanitra. Noho izany dia homelohiny aho. Nefa hitako ao koa fa Andriamanitra, noho ny fitiavany tsy misy fetra, dia naniraka an'i Jesosy Kristy ho eto amin'izao tontolo izao, mba hamonjy ireo izay mino Azy, mba hahatonga azy ireo ho marina. „Fa Kristy koa aza efa nijaly indray mandeha noho ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina" (1 Petera 3. 18).

Raha ny amiko, dia niharihary tamiko ny fitiavan'i Jesosy Kristy, maty sy nitsangana tamin'ny maty. Nanorotoro ny foko ny fitiavany ahy. Nanolotra ny ainy Izy, hamonjeny ahy, satria tia ahy. Nofaizin'Andriamanitra Izy, naka ny toerako, satria tia ahy. Koa Jesosy izany dia Mpamonjy ahy. Voavela heloka aho, nohamarinina, ary mifamatotra aminy ho mandrakizay.

Ary ianao, mba mino ny fitiavan'Andriamanitra ve ianao, mba mino ve ianao fa tian'i Jesosy Kristy, tiany tsy misy fetra ? Mandraka ankehitriny Izy dia mbola mitaona anao hanatona Azy, hanakaiky Azy, ary hino Azy. Henoy Izy, dia ho voavela ny helokao, ary hohamarinina eo imason'Andriamanitra ianao. Dia hiainanao ny fiadanany. Ho faly ianao satria zanaka malalan'Andriamanitra, ary hiaina izany dieny ankehitriny. Dia handà tolotra toy izany ve ianao e ?